REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA**

**FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA**
**TAONA 2024**

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

----------------

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

----------------

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

**LAHARANA FAHA-21**

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALANA:**
**- LAHARANA FAHA-018/2024, TAMIN'NY 16 OKTOBRA 2024 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT DU PROGRAMME D'APPUI A LA GESTION FINANCIERE ET LA RESILIENCE ECONOMIQUE, CONCLU LE 03 OCTOBRE 2024 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET LA BANQUE AFRICAINE DE DEVELOPPEMENT (BAD) ET LE FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT (FAD) AGISSANT A TITRE D'ADMINISTRATEURS DE LA FACILITE D'APPUI A LA TRANSITION (FAT)»;**

**- LAHARANA FAHA-019/2024 TAMIN'NY 16 OKTOBRA 2024 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT DU PROGRAMME D'APPUI A LA GESTION FINANCIERE ET LA RESILIENCE ECONOMIQUE, CONCLU LE 03 OCTOBRE 2024 ENTRE LA REPUBLIQUE ET LE FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT (FAD)»**

Fivoriana faha-10
Natao ny
Alatsinainy 25 Novambra 2024
- Maraina -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin

**MPITANTSORATRA**: Ramatoa isany: - NAHARIMAMY Lucien Irmah
- SOAFILIRA Princia

Isan'ny Solombavambahoaka tonga nivory: 34 ; tsy tonga: 129 ; voaalatsiny: 00

**FOTOANA:** Alatsinainy 25 Novambra 2024, tamin'ny 10 ora sy 35 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna:
- laharana faha-018/2024, tamin'ny 16 Oktobra 2024 «autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Programme d'Appui à la Gestion Financière et la Résilience Economique, conclu le 03 Octobre 2024 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement (BAD) et le Fonds Africain de Développement (FAD) agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition (FAT)»;

- laharana faha-019/2024 tamin'ny 16 Oktobra 2024 «autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Programme d'Appui à la Gestion Financière et la Résilience Economique, conclu le 03 Octobre 2024 entre la République et le Fonds Africain de Développement (FAD)».

Nitohy ny Alatsinainy 25 Novambra 2024, tamin'ny 10 ora sy 35 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Andriamatoa ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia nampahatsiahy ny lahadinika araka ny voalaza etsy ambony.

Talohan'ny nirosoana tamin'ny votoatin'ny fandaharam-potoana dia natao ny fiantsoana ny anaran'ny Solombavambahoaka.
Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah no nanatanteraka izany.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany izany, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola mba hamaky ny tatitra momba volavolan-dalàna laharana faha-018/2024.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata faha-19 Novambra 2024 tamin'ny 9 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Vaomieran'ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-018/2024 tamin'ny 16 Oktobra 2024 «autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au

financement du Programme d'Appui à la Gestion Financière et la Résilience Economique, conclu le 03 Octobre 2024 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement (BAD) et le Fonds Africain de Développement (FAD) agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition (FAT)».

Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny, Filoha Lefitry ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nitarika ny fivoriana

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana:
Andriamatoa isany,

1. FIENENA Richard Désiré
2. RAJOELINA A. Seth
3. RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny
4. RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:
Andrimatoa isany,

1. RAJOELINA A. Seth
2. RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal

Ireto kosa ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana tonga nanatrika ny fivoriana.
Andriamatoa isany,

1. BOTOTEFY Herimanantsoa Odilon
2. RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | | |
|---|---|---|
| 1. | RAMANAMPANOHARANA Andry | SG/MEF |
| 2. | RAJAMIRAVAKA Ioby | DDP |
| 3. | RAHARINIAINA Nambinintsoa | MEF/DGT/DDP |
| 4. | RAKOTOSOLONIAINA Verohanitra | MEF/DGT/DDP |
| 5. | RABOANA Herijaona | Unité des Coord Projet |
| 6. | RAZAFINDRABE Haingo | MEF/DGT/DDP |
| 7. | RANDRIANASOLO Nina | MEF/DGT |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ao amin'ny Governemanta ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nambarany fa hanampiana ny kitapom-bolam-panjakana amin'izao taona 2024 izao ity findramam-bola ity, ka toy izao ny tanjona amin'izany:

- Hampihena ny tsy fahampiana amin'ny fampiasam-bola sy manampy amin'ny "relance économique";

- Fanatsarana ny fahaiza-mitantana amin'ny sehatry ny angovo.

Mitentina 30 tapitrisa UC (Unité de Compte) ny findramam-bola na 176 151 600 000 MGA.

Nambarany ihany koa, fa findramam-bola amin'ny tahan-janabola farany ambany (prêt concessionnel) no raiketin'ity volavolan-dalàna angatahana alàlana fankatoavana ity, ka toy izao no fepetra ara-bola voalaza ao aminy:

- "Commission d'engagement": 0,75% isan-taona izay alaina amin'ny "solde du prêt non décaissé";
- "Commission de service": 1% isan-taona izay alaina amin'ny "solde du prêt décaissé";
- Faharetan'ny famerenam-bola: 50 taona ary ny 10 taona voalohany dia tsy andoavana renivola.

Misy "composantes" miisa roa ity fifanarahana ity ka ny:

- <u>"Composante" I</u>: Fanatsarana ny fitantanana ny volam-panjakana izay ahitana ny fidiram-bola sy ny fandaniana;

- <u>"Composante" II</u>: "Soutien à la compétitivité et la résilience économique" izay ahitana ny fampiasam-bola amin'ny sehatra tsy miankina sy fanatsarana ny fitantanana eo amin'ny sehatry ny angovo.

Tsara marihana fa mialohan'ny faneken'ny mpamatsy vola ny findramam-bola dia nisy ny asa natao sy ny fepetra notakian'izy ireo, toy ny:

- Fandraisana didim-panjakana mikasika ny SAFI (Administration Fiscale Intégrée) teo anivon'ny Filankevitry ny Governemanta;

- Fandraisana "arrêté ministériel (MEF)" ho fametrahana ny "comité sur les risques budgétaires" sy fananganana ny "registres des bénéficiaires effectifs des personnes morales et constructions juridiques";

- Fanendren'ny Filohan'ny "Comité National Partenariat Public Privé (PPP)" ireo mpikambana ao amin'ny «comité de suivi pour la relecture de la loi PPP»;

Rehefa izany, niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

**<u>Fanamarihana</u>**

- Anisan'ny manampy amin'ny famahana ny olana eo anivon'ny JIRAMA izay tafiditra ho laharam-pahamehan'ny politikam-panjakana amin'izao fotoana izao ity fifanarahana ity ka tsara ny hirosoana amin'ny fanomezana-dàlana fankatoavana azy;

- Efa ela no nisy fanampiana (subvention) ny JIRAMA avy amin'ny fanjakana, fa ny taona 2025 kosa, ho lasa fampiasam-bola na "investissement" izany.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

**<u>Fanontaniana sy valiny</u>**

Tsy atahorana ho betsaka loatra ve ny trosan'i Madagasikara amin'izao findramam-bola matetika izao?

*Amin'ny tahan-janabola farany ambany na "taux concessionnel" no indraman'i Madagasikara vola any amin'ny mpamatsy vola, ka raha araka ny tombana nataon'ny FMI, mbola tsy misy atahorana ny mikasika an'izay.*

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fankatoavana ny volavolan-dalàna ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Noho tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny volavolan-dalàna laharana faha-018/2024 tamin'ny 16 Oktobra 2024 «autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Programme d'Appui à la Gestion Financière et la Résilience Economique, conclu le 03 Octobre 2024 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement (BAD) et le Fonds Africain de Développement (FAD) agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition (FAT)» ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 10 ora, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny, Andriamatoa Filoha, tamin'ny famakiana ny tatitra nataony.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fanitsiana sy fanamarihana mikasika ny tatitra ny mpivory.

Tsy nanana fanamarihana momba izany ny Solombavamahoana, ka nomena ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana raha toa hisy fanitsiana hataony.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola; nambarany fa tsy manana fanamarihana mikasika ny tatitra teo ny tenany, fa fangatahana ny hanohizana ny hamakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2024 tamin'ny 16 Oktobra 2024 no nataony.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hotohizana ny famakiana ny tatitra manaraka kanefa tsy maintsy andraisana fanapahan-kevitra izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny famakiana ny tatitra manaraka, ka niangavy ny Mpampakateny ny tenany mba hamaky izany.

Mbola Andriamatoa RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal, hatrany no nanatontosa izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata faha-19 Novambra 2024 tamin'ny 10 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Vaomieran'ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2024 tamin'ny 16 Oktobra 2024 «autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Programme d'Appui à la Gestion Financière et la Résilience Economique, conclu le 03 Octobre 2024 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD)».

Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny, Filoha Lefitry ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana:
Andriamatoa isany,

1. FIENENA Richard Désiré
2. RAJOELINA A. Seth
3. RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny
4. RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:
Andriamatoa isany,

1- RAJOELINA A. Seth
2- RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal

Ireto kosa ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana tonga nanatrika ny fivoriana.
Andriamatoa isany:

1 BOTOTEFY Herimanantsoa Odilon
2 RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny

Ireto avy ireo teknisiana nisolotena ny Governemanta:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | | |
|---|---|---|
| 1 | RAMANAMPANOHARANA Andry | SG/MEF |
| 2 | RAJAMIRAVAKA Ioby | DDP |
| 3 | RAHARINIAINA Nambinintsoa | MEF/DGT/DDP |
| 4 | RAKOTOSOLONIAINA Verohanitra | MEF/DGT/DDP |
| 5 | RABOANA Herijaona | Unité des Coord Projet |
| 6 | RAZAFINDRABE Haingo | MEF/DGT/DDP |
| 7 | RANDRIANASOLO Nina | MEF/DGT |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana avy ao amin'ny Governemanta ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ny volavolan-dalàna.
Nambarany fa ny fampiasana ny vola indramina sy ny tanjona amin'ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2024 tamin'ny 16 Oktobra 2024 dia mifandraika amin'ny volavolan-dalàna laharana faha-018/2024 izay efa nandalo asam-baomiera teto anivon'ny

Antenimierampirenena. Mitovy ny fepetra ara-bola sy ny mpamatsy vola, fa ny maha samihafa azy dia ny “guichet” hivoahan’ny vola: ny iray FAD, ny iray FAT. Raha toa ka ny BAD sy ny FAD no namatsy vola tamin’ny volavolan-dalàna laharana faha-018/2024 dia ny “Fonds Africain de Développement” na FAD irery ihany no mpamatsy amin’ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2024.

Mitentina 20 Tapitrisa UC (Unité de Compte) na 117 434 400 000 MGA ny findramam-bola.

Toy izao manaraka izao ny fepetra ara-bola:

- “Commission d’engagement”: 0,75% isan-taona izay alaina amin’ny “solde du prêt non décaissé”;
- “Commission de service”: 1% isan-taona izay alaina amin’ny “solde du prêt décaissé”;
- Faharetan’ny famerenam-bola: 50 taona ary ny 10 taona voalohany, tsy andoavana renivola.

Tsy nanao fanamarihana sady tsy nametraka fanontaniana ny mpivory.

Rehefa izany, niroso tamin’ny fankatoavana ny volavolan-dalàna ny mpikambana ao amin’ny Vaomieran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Noho tsy fahatratrarana ny fetr’isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian’izay, nankatoavin’ny Vaomieran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2024 tamin’ny 16 Oktobra 2024 «autorisant la ratification de l’Accord de Prêt relatif au financement du Programme d’Appui à la Gestion Financière et la Résilience Economique, conclu le 03 Octobre 2024 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD)» ka hoentina eo anivon’ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin’ny 10 ora sy 40 minitra, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an’Andriamatoa Mpampakateny, tamin’ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nohamafisiny fa fanamarihana ny tatitra aloha no hatao fa tsy mbola miditra amin’ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.
Avy amin’ny Solombavambahoaka aloha vao ny solotenan’ny Governemanta.

Tsy nisy nanana fanamarihana ny Solombavambahoaka, ka nomena ny solotenan’ny Governemanta avy hatrany ny fitenenana.

Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nandray fitenenana ka fanitsiana ny tatitra no nataony.
Ao amin’ny takelaka faha-2 mikasika ny mpamatsy vola ny tetikasa momba ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2024. Eo amin’ny hoe: Mitovy ny fepetra ara-bola sy ny mpamatsy

vola fa ny maha samihafa azy dia ny “guichet” hivoahan’ny vola: ny iray FAD, ny iray FAT. Izay no ovaina hoe: ny “guichet” hivoahan’ny vola no maha samihafa azy fa ny mpamatsy vola dia iray ihany. Samy ny Banky Afrikana ho an’ny Fampandrosoana avokoa no mamatsy vola ireto tetikasa roa ireto, fa ny an’ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2024 dia ny “guichet”-n’ny FAD ary ny laharana faha-018/2024 kosa, “guichet”-n’ny FAT.

Taorian’izay, nambaran’Andriamatoa Filoha, fa mbola omena fitenenana, Ramatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, mba hanazava ny antonantony mikasika ireo volavolan-dalàna ireo.

Rehefa nomena fitenenana, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, nambarany fa voninahitra ho azy no manolotra ireto volavolan-dalàna ireto eto amin’ny Antenimierampirenena satria findramam-bola entina hanatsarana ny fiainan’ny Malagasy mba hampihenana ny tsy fahampiana amin’ny fampiasam-bola sy hanatsarana ny fahaiza-mitantana amin’ny sehatry ny angovo.

Amin’ny ankapobeny, mitentina 50 000 000 UC (Unité de Compte) na 67 000 000 Dolara Amerikana no totalin’ny findramam-bola hatao. Ho an’ny volavolan-dalàna laharana faha-018/2024, mitentina 30 000 000 “Unité de Compte” ny vola hidramina ary ho an’ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2024 kosa, mitentina 20 000 000 “Unité de Compte” izany. Izay no mahatonga ny fitambarany ho 50 000 000 “Unité de Compte”.
Marihana fa tsy misy zanabola sy tsy misy sarany ireo findramam-bola hatao ireo. Misy “commission” kosa raha sanatria tsy hampiasaina ny vola.

Avy amin’ny Banky Afrikana ho an’ny Fampandrosoana ny findramam-bola ary araka ny fantatsika, miisa roa ny volavolan-dalàna angatahana fankatoavana eto amin’ny Antenimierampirenena saingy mitondra tetikasa iray ihany.

Mbola araka ny fanitsiana natao tamin’ny tatitra teo, ny “guichet” hamoahana azy kosa miisa roa. Tsy iverenana intsony ny momba izay “guichet” izay satria efa nahitsy teo aloha.

Ao anatin’io 50 000 000 «Unité de Compte» na 67 000 000 Dolara Amerikana io, ny 30 000 000 «Unité de Compte» voalohany dia avy amin’ny «Facilité d’Appui à la Transition (FAT)» ary avy amin’ny «Fonds Africain de Développement (FAD)» ny 20 000 000 «Unité de Compte» faharoa. Izany hoe, tafiditra amin’ny fanampiana ny kitapom-bolam-panjakana amin’ity taona 2024 ity ireo findramam-bola hatao ireo.

Ny antsoina ny hoe «appui budgétaire», tsy findramam-bola hanaovana tetikasa manokana izany, fa lelavola entina hanampiana ny banga ao anaty kitapom-bolam-panjakana ho an’ny taona iray. Ireto andiany voalohany aroso eto amin’ny Antenimierampirenena ireto dia hanampiana ny kitapom-bolam-panjakana ho an’ity taona 2024 ity ary mbola hisy hitovy amin’izany koa ho an’ny taona 2025.

Tafiditra ao anatin’ny fidiram-bolam-panjakana na «recette de l’Etat» misoratra ao anaty tetibola taona 2024 izy ireo, ka izay fandaniana misoratra ao anaty volavolan-dalàna taona 2024 no tokony hatrehana amin’izany. Raha tsy miditra amin’ity taona ity ny lelavola voalaza teo dia tsy azo tanterahina ao anaty tetibola taona 2024 ny fandaniana.

Mba ahafahana misitraka ireo lelavola ireo, misy fepetra maro izay nifanarahana tamin'ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana, ka ireo fepetra ireo no mitondra ny anaran'ny fandaharan'asa. Rehefa milaza isika hoe fandaharan'asa ho fanamafisana ny fikirakirana ny volam-panjakana ho fanatsarana ny toekarena Malagasy dia ny fepetra nazahoana ny "appui budgétaire" no resahana amin'izany fa tsy ny tetikasa ampiasana ny vola.

Mizara roa ny "composantes" mamaritra ireto fifanarahana ireto. Voalohany, fepetra fanatsarana ny fitantanam-bolam-panjakana dia ny fidiram-bola sy ny fandaniana. Ao anatin'izany, tokony hahitana fepetra hanatsarana ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny alàlan'ny hetra anatiny ary hanatsarana ny mangarahara amin'ny fitantanana ny volam-panjakana anatiny ihany koa. Ny tanjona amin'izany dia ny tokony hiakaran'ny tahan'ny hetra ho 13% amin'ny harinkarena faobe raha manodidina ny 11% izany ankehitriny.

Ny "composantes" faharoa kosa, fepetra ahafahan'ny orinasa mifaninana sy miatrika amin'ny andraikitra eo amin'ny toekarena, ka ao anatin'izany no hanamafisana ny fampiasam-bola tsy miankina amin'ny Fanjakana na ny "renforcement de l'investissement privé" sy ny fanatsarana ny fitantanana ny sehatry ny angovo eto Madagasikara.

Rehefa nifampiresaka tamin'ny mpamatsy vola tamin'ireto famatsiana ara-bola ireto, navoitra tamin'izany ny olan'ny angovo eto Madagasikara sy ny anjara toeran'ny angovo eo amin'ny sehatry ny fampandrosoana ny toekarena Malagasy. Neken'izy ireo ny hampiasana ity vola ity amin'ny sehatry ny angovo. Izay fandaniana ny sorabola izay dia efa voasoratra tao anaty lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2024 ny hiatrehana azy saingy hisy tetikasa momba ny angovo mbola ho avy mba hahafahana hanatrarana ny tanjona hampiakatra ho 55% ny tahan'ny famokarana ny angovo azo avaozina raha toa 45% izany ankehitriny. Ao ihany koa ny hampiakarana ny tahan'ny fandoavam-bola ho an'ny "facture"-n'ny JIRAMA ho 55% ny "recouvrement" raha 50%-n'izany no vitan'ny JIRAMA amin'izao fotoana izao.

Ity fifanaraha ity dia mitaky "recouvrement" hatramin'ny 60% ho an'ny taona 2025. Tsy ireo akory no tetikasa hampiasana ny tetibola, fa ireo no fandaharan'asa izay takiana amintsika sady fepetra mialoha ahafahana misitraka ny lelavola.

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Minisitra, tamin'ny fanazavana nentiny, Andriamatoa Filoha ary nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa TSARADIA Marco, fanamarihana mikasika ny volavolan-dalàna miisa roa natolotra no nataony. Nambarany fa zava-dehibe ny resaka findramam-bola tahaka izao satria ahitana taratra ny "relation sud sud" na ny fifandraisan'ny samy aty amin'ny faritr'i Afrika. Tsapa ao anaty findramam-bola koa ny fampiharana ny antsoina hoe "taux concessionnel". Izany hoe, misy vola atao ho karazana fanomezana.
Mety amintsika ny findramam-bola hatao satria mandalo fotoana sarotra ny Firenena ka azo atao ny famahana ny olana sasany misy amin'izao fotoana izao. Eo anatrehan'izay, manentana ny Solombavambahoaka mba handany tsy misy adihevitra ny volavolan-dalàna izahay.

Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fanohery Johnny, kosa naneho fisaorana an-dRamatoa Minisitra tamin'ny fanazavana nataony ary nanentana ny Solombavambahoaka ihany koa mba handany ny volavolan-dalàna ny tenany.

Andriamatoa NOURDINE Chabani, raha nomena fitenenana, fanazavana mikasika ny "composante" faharoa no nangatahany. Araka ny voalazan'ny tatitra, ny "composante" voalohany dia fanatsarana ny fitantanana ny volam-panjakana, ahitana ny fidiram-bola sy ny fandaniana. Mikasika ny "composante" faharoa kosa izay ahitana ny fampiasam-bola amin'ny sehatra tsy miankina sy ny fanatsarana ny fitantanana ny sehatry ny angovo no ilàna fanazavana.

Nangataka fanazavana momba ny fivoahan'ny "décaissement" kosa Andriamatoa RAZAFITSIALA Velomanana Solomampionona, satria teo aloha nanahirana ny fiaraha-miasa tamin'ny BAD rehefa misy famatsiam-bola mitovy amin'izao. Nisy fivoarana ve ny fiaraha-miasa taminy taty aoriana sa tsia.

Rehefa izany, nomena fitenenana, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, hamaly ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka taminy.
Nambarany fa ny "composantes" no zavatra tokony hotanterahina mba ahafahana mahazo fampindramam-bola saingy tsy ireo no atao amin'ny tetikasa rehefa azo ny vola.
Tamin'ny fotoana nanaovana ny fifampiresahana niaraka tamin'ny mpamatsy vola, nisy zavatra tsy maintsy nofenoina mikasika ny "composante de l'investissement privé" ka anisan'izay ny fanamafisana ny "Partenariat Public Privé" na ny "3P" eto Madagasikara. Notakian'ny mpamatsy vola tamintsika ny fanendrena ny Filohan'ny Komity misahana, sy mandrindra ny tetikasa rehetra atao amin'ny resaka "Partenariat Public Privé". Izany "Comité National Partenariat Public Privé" izany dia tarihin'ny Fiadidiana ny Repoblika amin'ny alàlan'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Fiadidiana ny Repoblika na ny SGP ary efa voatendry daholo ireo mpikambana ao anatin'io "Comité National Partenariat Public Privé" io. Efa namaritra ny lisitry ny «Partenariat Public Privé» hotanterahana eto Madagasikara koa io Komity io. Izay no antsoina hoe, fanamafisana ny "investissement privé" eto amintsika.

Raha ny nifanarahana tamin'ny mpamatsy vola, tokony hahatratra 29%-n'ny PIB eto amintsika ny tahan'ny fampiasam-bolan'ny sehatra tsy miankina amin'ny taona 2025 raha toa 25,3% izany amin'izao fotoana izao. Izany hoe, tokony hihazakazaka ny tahan'ny fampiasana vola avy amin'ny sehatra tsy miankina ao anatin'ity fifanarahana amin'ny Banky Afrikana ho an'ny Fampadrosoana ity.

Mikasika ny «décaissement» indray, nomarihany fa «décaissement unique» na vola mivoaka indray mandeha no atao ary tonga dia miditra any anaty kitapom-bolam-panjakana ny vola, ka izay no anampiana ny tetibola aorian'izany.
Mbola marisarisa ny «décaissement de financement extérieur»-n'ny tetikasa eto Madagasikara amin'izao fotoana izao, hoy Ramatoa Minisitra. Ny antony, «système régie d'avances» no nampiasaina tamin'ny fampiasam-bola teo aloha. Ny dikan'izany, rehefa hamoaka vola faharoa ny "projet", mila "justifier"-na na hamarinina ny fomba nampiasana ny vola navoaka voalohany. Ny ankamaroan'ny tetikasa misy eto Madagasikara anefa tsy

mahavita manao “justification” ny fomba nampiasana ny vola teo aloha. Noho izany, mihantona daholo ny “décaissement” tokony hatao faharoa satria miandry ny “justification” ny nampiasana ny vola teo aloha.

Nisy didim-panjakana navoaka tamin’ity taona ity nanova ny “système” fanaovana izay “décaissement extérieur” izay. Raha “régie d’avances” izy teo aloha, nalefa tany amin’ny «banque primaire» ny fampiasam-bola indramina ka avy hatrany ny mpampiasa vola na ny tetikasa rehetra isan-karazany dia afaka mampiasa ny vola ary aorian’ny fampiasana izany izahay vao mangataka fanamarinana. Navadika “responsabilité personnelle” ny mpitantana “projet” ka raha ohatra nisy vola nampiasainy ary taty aoriana vao hita ny tsy fihetezan’ny nampiasany ny vola, anjaran’ny mpitantana “projet” no mamerina ny volan’ny mpamatsy vola. Izany hoe, raha nampiasain’ny mpitantana «projet» tamin’ny zavatra tsy nifanarahana tamin’ny mpamatsy vola ny vola nindramina dia izy tenany no manolo ny volan’ny mpamatsy vola.

Momba izay “décaissement” izay ihany, ohatra ho an’ny Banky Afrikana ho an’ny Fampandrosoana, 24,9% no tahan’ny “décaissement” talohan’io didim-pajakana vaovao noraisina io, taorian’izay efa lasa 33% ny “décaissement”-ny amin’izao fotoana izao.

Taorian’izay, nisaotra an-dRamatoa Minisitra tamin’ny valin-teny nataony, Andriamatoa Filoha ary mbola nanome fitenenana ny Solombavambahoaka indray.

Rehefa nomena fitenenana Andriamatoa RADAFINDRANARO ANDRIAMANGA Rijaniaina Thierry, nambarany fa raha ny mpamatsy vola kosa no tsy manaraka ny fepetra takiany; inona no zavatara mety hitranga. Ny antony, matoa izy nanome vola, mazava izany ny soridalana hampiasana ny vola. Araka ny voalazan’ny fepetra ao anaty volavolan-dalàna, ny 10 taona voalohany, tsy andoavana renivola ary 50 taona no faharetan’ny famerenam-bola. Izany hoe, tsy haharitra hatramin’izany fotoana izany ny mpitondra ankehitriny. Misy koa ny fifandimbiasam-pahefana eto amin’ny firenena, ny trosa anefa manaraka ihany. Ny tiana holazaina, raha tsy mifanaraka amin’ny fepetra takian’ny mpamatsy vola ny fifandimbiasam-pahefana eto amin’ny firenena, inona no fiantraikan’izany amin’ny famerenana ny trosa.

Taorian’izay, nomena fitenenana Ramatoa Minisitra, hamaly ny fanontaniana nipetraka teo.
Nambarany fa amin’ny findramam-bola ankapobeny, fa tsy ity momba ny fanampiana tetibola na “appui” ity irery no resahana, fa misy ny atao hoe “avis de non-objection” angatahana avy amin’ny “bailleur de fonds”. Izany hoe na olona iza na olona iza mpitondra eo, na inona tetikasa hotanterahina, misy foana fangatahana mialoha ny “avis de non-objection” any amin’ny mpamatsy vola. Raha sanatria tsy manaraka ny fepetra nifanarahana tamin’izy ireo isika dia efa misy ny “dépense non éligible” amin’ity tetikasa izay entina manokana eto ity. Efa misy lisitra ihany koa ao anatin’ny lalàna mifehy ny findramam-bola avy amin’ny mpamatsy vola amaritana ireo zavatra tsapa fa tsy notanterahana.
Zava-dehibe ny fanaraha-maso atao amin’ny fampiasana ny vola nindramina mba tsy ho tafiditra amin’ny antsoina hoe “dépense inéligible” isika satria raha izay no mitranga, tsy maintsy averin’ny Fanjakana ny vola. Raha tetikasa kosa no resahana, araka iny didim-panjakana vao navoaka iny, anjaran’ny “coordonnateur de projet” no mamerina ny vola raha sanatria nanao “dépense inéligible” izy. Eto anefa, tsy “projet” no resahana fa “appui

budgétaire”, ka raha sanatria manao “dépense inéligible» isika dia anjaran’ny fitondrana Malagasy no mamerina ny vola nindramina.

Raha tsy mahazo fankatoavana avy amin’ny mpamatsy vola ny “avis de non-objection” nangatahana fa mijanona eo fotsiny ny vola. Izany hoe, tsy nampiasaina ny vola dia izay no antsoina hoe “commission d’engagement” nolazaina teo ka andoavana 0,75% isan-taona.

Taorian’izay, nametraka fanontaniana tamin-dRamatoa Minisitra, Andriamatoa Filoha manao hoe: nahoana no nampidirina tamin’ity taona 2024 ity ny findramam-bola kanefa ny faran’ny taona efa manakaiky. Izany hoe, hanao Krisimasy sy faran’ny taona mahafinaritra isika dia mitady vola vaovao indray amin’ny taona 2025.

Nohamafisin-dRamatoa Minisitra tamin’ny valin-teny nomeny, fa natokana ho an’ity taona 2024 ity ireto fifanarahana ireto ary tsy sorabola fa lelavola mihitsy. Rehefa tonga ao anaty kitapom-bolam-panjakana ny vola dia izay fandaniana atao mandritra ny taona 2024 no atrehina. Tsy voatery holaniana amin’ity taona 2024 ity ny vola, fa rehefa tonga ao anaty kitapom-bolam-pajakana izany, tokony ho ny fandaniana taona 2024 no ampiasana azy. Rehefa tsy lany amin’ity taona 2024 ity ny vola dia azo tohizana amin’ny taona 2025 ny fampiasana azy satria araka ny voalaza teo, efa ao anaty kitapom-bolam-panjakana no nandrotsahana azy.

Fisaorana an-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tamin’ny valin-teny nomeny no nataon’Andriamatoa Filoha, taorian’izay ary nambarany fa hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Nampahatsiahiviny fa ny andininy faha-90 ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra amin’ireo volavolan-dalàna roa ireo.

Ny volavolan-dalàna laharana faha-018/2024 tamin’ny 16 Oktobra 2024 «autorisant la ratification de l’Accord de Prêt relatif au financement du Programme d’Appui à la Gestion Financière et la Résilience Economique, conclu le 03 Octobre 2024 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement (BAD) et le Fonds Africain de Développement (FAD) agissant à titre d’administrateurs de la Facilité d’Appui à la Transition (FAT)» no nandraisana fanapahan-kevitra voalohany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2024 tamin’ny 16 Oktobra 2024 «autorisant la ratification de l’Accord de Prêt relatif au financement du Programme d’Appui à la Gestion Financière et la Résilience Economique, conclu le 03 Octobre 2024 entre la République et le Fonds Africain de Développement (FAD)» no nandraisana fanapahan-kevitra faharoa.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa nolanian'ny Solombavambahoaka 100% ireo volavolan-dalàna roa izay natolotry ny Governemanta teto amin'ny Antenimierampirenena.

Taorian'ny fahalanian'ny volavolan-dalàna, nomena fitenenana Ramatoa Minisitra, raha toa mbola misy tiany ambara.

Fisaorana ny Solombavambahoaka no natolotry ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, tamin'ny fahalanian'ny volavolan-dalàna miisa roa natolotra teto amin'ny Antenimierampirenena rehefa nomena fitenenana ny tenany.

Fisaorana sy fankasitrahana azy koa no navalin'Andriamatoa Filoha ny teny nataony.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka ny tenany; ka ny Talata 26 Novambra 2024, amin'ny 10 ora, maraina ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny:
- Volavolan-dalàna laharana faha-017/2024 tamin'ny 25 Septambra 2024 «autorisant la ratification de l'Accod de Prêt relatif au deuxième financement additionnel du Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience du Grand Antananarivo (PRODUIR FA2), signé le 12 juin 2024 entre la Republique de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

- Volavolan-dalàna laharana faha-023/2024 «autorisant la ratification de l'Accod de Prêt relatif au Programme Régional de Préparation aux situations d'urgence et d'Accés à une Reprise Inclusive (REPAIR)- Programme Séquence Phase I, signé le 09/08/2024 entre le République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

- Volavolan-dalàna laharana faha-020/2024 tamin'ny 16 Oktobra 2024 "autorisant la ratification de l'Accod de Prêt relatif au financement du Projet «Accroître la résilience au changement climatique des petits exploitants bénéficiant des services du Programme de chaînes de valeur agricoles inclusives (DEFIS+), conclu le 31 Juillet 2024 entre la République de Madagascar et le Fonds International de Développement Agricole (FIDA)» kosa amin'ny 3 ora, tolak'andro.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana.

Tamin'ny satroka nataon'Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Jhonny no nangatahany mba ho ny maraina ihany koa no handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-020/2024 tamin'ny 16 Oktobra 2024 raha azo atao.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra izay fangatahana nataon'Andriamatoa Solombavambahoaka teo izay.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hatambatra rahampitso maraina daholo ny fandinihana ny volavolan-dàlana miisa telo araka ny efa voalaza tamin'ny fampahatsiahivana teo.

Nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika sy ho tonga maro amin'ny fiatrehana ny fivoriana ny tenany, taorian'izay.

Niato tamin'ny 11 ora sy 35 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

**NY FILOHA**

ASSEMBLEE NATIONALE
REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA

**TOKELY Justin**